WIKIPEDIA

Azia

I **Azia** dia kontinenta izay ahitana firenena miisa 46, izay voafaritry ny Ranomasimbe Arktika ao avaratra, ny andilan-dranomasin'i Bering sy ny Ranomasimbe Pasifika ao atsinanana, ny Ranomasimbe Indiana ao atsimo, ary ny Ranomasina Mena sy ny Ranomasina Mediteranea ao atsimo-atsinanana. Ny sisiny manasaraka an'i Azia sy Eorôpa dia nifanarahana fa ny tendrombohitra Oraly (Ural). Raha heverina ho kontinenta iray i Azia sy i Eorôpa noho izy ireo tany mitohy dia antsoina hoe Eorazia. Manana velarana 43 810 582 km^2 i Azia ka izy no be velarana indrindra amin'ny kontinenta rehetra. Izy koa no be mponina indrindra (4,3 lavitrisa: 60%n'ny mponina eran-tany). Ao no ahitana ny tendrombohitra avo indrindra, dia i Everest, izay mahatratra 8 848 m.

Mifanjohy mankany Ôseania ny nosy sy ny tamba-nosy ao atsimo-atsinanana: isan'izany ireo nosy Filipina sy ireo nosin'i Indonezia (i Somatra sy i Java ary i Solaoesy), i Bôrneô ary i Ginea Vaovao. Ao avaratra atsinanan'i Azia no ahitana ireo nosin'i Japana sy ny nosin'i Sakalina. Ao amin'ny Ranomasimbe Indiana no misy ny nosy Srilanka sy ireo tamba-nosy madinika toa ny an'i Maldiva ary ireo nosy Andamàna sy Nikobara.

Votoatiny

Ny faritra ao Azia

Ireo faritra ara-dafintany ao Azia:

Fizaram-paritra hafa ao Azia

Faritra ara-tantara ao Azia

Jereo koa

Ireo kontinenta

Ny faritra ao Azia

Ireo faritra ara-dafintany ao Azia:

- Azia Atsimo
- Azia Atsimo-Atsinanana
- Azia Afovoany
- Azia Andrefana

- Azia Atsinanana
- Azia Avaratra
- Afovoany Atsinanana
- Atsinanana Akaiky

Fizaram-paritra hafa ao Azia

- Atsinanana Indrindra
- Masreka
- Zana-kontinentan'i India
- Siberia
- India Atsinanana
- Indosina
- Ampahatsinanana
- Tsinam-bolana lonaka
- Saikanosin'i Arabia
- Kaokazy
- Anatôlia

Faritra ara-tantara ao Azia

- Siria
- Palestina
- Mesôpôtamia

Amerika - Eoropa - Afrika - Azia - Oseania - Antartika

Tany any Azia :

- Bangladesh
- Iraka
- Iran
- Japana
- Mongolia
- Sina
- Tailandy

Jereo koa

Ireo kontinenta

- Afrika
- Azia
- Eorôpa
- Eorazia
- Amerika
- Amerika Avaratra
- Amerika Atsimo
- Antarktika
- Ôseania

Hita tao amin'ny "https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Azia&oldid=979997"

Voaova farany tamin'ny 20 Janoary 2020 amin'ny 14:00 ity pejy ity.

Azo ampiasaina araka ny fepetra apetraky ny lisansa Creative Commons Attribution-ShareAlike ; Mety misy ny fepetra fanampiny mihatra. Jereo fepetram-pampiasana ho an'ny antsipirihany.